

SAMBAVA - TORITENY - ALAHADY PANTEKÔTY - TAONA D

Famaranana ny fihaonan'ireo VOATOKANA

Ry Kristianina havana 50 andro izay no nankalazantsika ny Paka, izay ny dikany Pantekôty.

Matetika no averimberiko ity ho antsika : ny fankalazana tsy hoe fahatsiarovana "anniversaire" fa noho ny asan'ny Fanahy Masina, izay mbola averin'i jesoa amin'ny Evanjely anio, tamin'ny batemy tsy hoe mahatsiaro fotsiny isika fa mivelona miaina an'izay ankalazaina izay. Ny Paka no fototry ny finoantsika satria mankalaza an'i Kristy nitsangan-ko velona, izy nandresy an'izao rehetra izao, nandresy ny ratsy. Ny farantampony amin'ny ratsy dia ny fahafatesana, ka nandresy an'izany i Kristy mba hanome aina ho antsika. Izay no Andriamanintsika, nandresy izy tsy tahaka ny mpandresy izay manjakazaka fa mpandresy manompo ary izay no ataony amin'ny alalan'ny Fanahy izay alefany amintsika. Eto dia hazavaina amin'ny fomba fohy fa tsy fanahin'ny tromba sanatria no raisintsika raha mandray ny FANAHY MASINA isika.

Izao no mahasamihafa azy :

- Ny fanahin'ny tromba tsy maintsy tomponia ary tanterahinao ny sitrapony, manompo izay tratin'ny tromba, voafatopatotra. Ireo fady tsy maintsy tanterahina hatramin'ny lokon'ny lamba atao aza.
- Ny Fanahy Masina manafaka izany hoe : Ny fivavahantsika dia i Kristy nandresy nefy tsy mpanjakazaka, manompo i Kristy, izy Andriamanitra no manompo atsika, izay no nidinany avy any an-danitra, tonga izy hanompo atsika mba ho soa, hihatsara, hiala amin'ireo ratsy mamatopatotra atsika fa indrindra ny fahotana, ny demony izay mamatotra fa ny Fanahy Masina manafaka. Izay no ankalazaintsika anio.

Antenaiko fa hanampy atsika izay fanazavana izay, mba tsy hisabàka isika no sady mamonjy tromba no mamonjy lamesa. Aza afangaro fa rehefa mifangaro dia mikorontana.

Anio mankalaza ny FANAHY MASINA isika, henontsika teo ny asan'izay, matetika manontany ny maro hoe: "Ahoana no hahafantarana fa eto sy miasa tokoa ny Fanahy Masina, inona ny misakana ny FANAHY MASINA ho tonga amiko na dia mivavaka aza?"

Ry Kristianina havana, ny FANAHY MASINA no fanomezana omen'Andriamanitra atsika ary i Jesoa dia nilaza an'izay ao amin'ny Lioka 11, 13 "**Koa raha hianareo, na dia ratsy toy inona aza, mahalala manome zavatsoa ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?**". Mbola lazainy izay androany amin'ny Evanjely, omeny antsika ny FANAHY MASINA, izay tokoa ry Kristianina Havana mila mangataka isika. Andriamanitra no mahita atsika ka mila sokafana ny fontsika. Tsy amin'ny alàlany hoe 24 ora hivavahava na fotoana voafetra na isika mandohalika mandritra ny adiny maro no zava-dehibe fa ny FONTSIKA misokatra ho an' Andriamanitra.

Izany no irin'ny Papa amin'izao taona masina izao dia ny Famindram-po. Ny Fon'Andriamanitra afindrany amintsika. Raha misokatra ny fontsika midika izay fa ao amintsika ny FANAHY MASINA.

Matetika atsika ny miteny hoe : "tsy mahay mivavaka izahay" Tsy isika no mivavaka, hitantsika izany amin'ny taratasin'i Md Paoly izay manana ny traikefany (Romana 8), "tsy isika no mivavaka fa ny FANAHY MASINA" ka noho izany dia ny FONTSIKA no angatahin'Andriamanitra ny amintsika. Raha ny fontsika mivelatra sy mandray an'Andriamanitra dia honenan'ny FANAHY MASINA isika, ny fianakavianatsika, ny fiaraha-monina, ny tanànantsika, ny firenentsika dia tsy ho hisy ny hetraketraka, ny korontana, ny lainga, ny risoriso izay manapotika atsika.

Noharian'Andriamanitra hitovy endrika aminy isika kanefa noho ny fahotana, noho ny asan'ny demony dia potika ny endrintsika, ary hitantsika ny vokatry ny fahotana : ny ady lava, ny fahasahiranana, ny fijaliana, ary raha mitombo ny fahotantsika dia mitombo koa ny fijaliana.

Amin'izao Pentekôty izao, sokafy ny FONTSIKA, fotoana fibebahana izao, araka ny rentsika teo fa manavao ny FANAHY MASINA, manavao ny fontsika izay fo vato ho zary fo velona satria hitoeran'ny FITIAVANA, izay ny asan'ny FANAHY MASINA.

Ary izany fitiavana izany dia tsy hoe sentosento na "sentiment" rentsika tamin'ny vakiteny 1 (Asa 2,1-11), asa raha tsapanareo fa tamin'ny pentekôty voalohany rehefa nidinan'ny FANAHY MASINA ireo Apostôly tsy hoe nahay ny fitenin'ireo firenena maro izy : azia, egypta, mesopotamia, lybia, ary mety nisy aza Madagasikara ? tsy hoe nahay teny malagasy ireo Apostôly, na koa nisy mpandika teny simultané kanefa ireo firenena ireo niova ny fon'izy ireo noho ny asan'ny FANAHY MASINA ka naheno ny fampianaran'ny Apostôly araka ny fomba fiteniny avy.

Izany no asan'ny FANAHY MASINA raha isika maheno ny tenin'Andriamanitra araka ny sitrak'Andriamanitra ka manova ny Fontsika dia izay ny famantarana ny asan'ny FANAHY MASINA. Tsy eo kosa ny izy Fanahy Masina raha isika tsy mihaino ny tenin'Andriamanitra ka manao ny saim-pantantsika dia ny avonavona ary fantantsika ny vokadratsiny dia ny korontana, izay ny asan'ny fisainan'izao tontolo izao, ny asan'ny demony dia ny hanakorontana ny fianakaviana, ny fikambanana masina, ny communauté, ny Eglisy, ny firenena. Raha io no henointsika, raha resaka fitiavantena, avonavona, fialonana dia aza gaga isika fa korontana no manjaka **fa raha ny Fanahy masin-janahary sy jesoa no sady mihaino ny tenin'andriamanitra isika dia milamina ny fiainantsika tahaka ny pentekôty tao Jerosalema.**

Amin'izao andron'ny Pantekôty izao, ny afon'ny Fanahy Masina no miredareda ao amponareo ankehitriny ka alaviro manomboka izao ny asan'ny avonavona, ny fialonana, ny fitiavan-tena, sokafy ny fontsika fa miteny aminao Andriamanitra ary mampiombona izy mampiray atsika. Hiova ho tany vao izao tanintsika izao raha miray isika araka ny hafatry ny Papa ao amin'ny encyclique : "Ity tranobe iombonana ity efa ho simba ankehitriny" ka io no manentana atsika mba ho diosezy maintso ary tsy ny diosezy fotsiny fa ny Fontsika koa no hovana ho maintso, loko manambara ny fahatanorana. Izay ny asan'ny Fanahy Masina, tanora mandrakariva manavao ny fiainantsika ho tsaratsara kokoa sy ny fontsika amin'ny fikarakarana ny tontolo iainana. Anatin'izany ny ezaka atao amin'ny fandraisantsika an-tànana ny Eglisy, ny diosezintsika. Araraotina izao fotoana izao hiarahabana anareo eto amin'ny Misiona Sambava Mb Terezy fa manomboka mandray an-tànana ianareo satria voalohany tamin'ny vokatry ny hasim-pinoana tamin'ity taona ity ka tohizo, raiso an-tànana ny diosezintsika, tandremo sao lasa farany amin'ny manaraka !!!

Tsy atsika eto sambava ihany fa isika eto amin'ny diosezy manontolo, arabaina amin'ny fandraisana an-tànana. Asan'ny FANAHY MASINA izany ka mampiombona atsika hiroso lalindalina kokoa amin'izany fitoriana ny vaovao mahafaly izany.

Ry Kristianina Havana, isika voatokana miara-mitalaho amin'izany asan'ny FANAHY MASINA izany isika fa indrindra ny voatokana. Ianareo no mampibaribary amin'ny manodidina izany asan'ny FANAHY MASINA izany, famantaram-pitiavana ianareo, ao amin'ny communauté-nareo avy amin'ny toerana maro samihafa ianareo nefà miombona ho Olo Araiky ho famantaram-pitiavana. Ary ianareo tsy mitady tambiny fa manompo ho famantarana an'i Kristy eo anivon'ny fiaraha-monina, tahaka an'i Kristy izay tonga ho mpanompo fa tsy tomponia.

Enga anie ho Pantekôty vaovao ho anareo voatokana eto amin'ny diosezy ity andro anio ity ary ho Pantekôty vaovao ho antsika mianakavy eto amin'ny diosezy hirosoantsika lalindalina kokoa amin'izay fiombonana izay ka hahatonga atsika ho mpanompo ho mpanambara amin'ny mpiara-belona fa i Kristy dia nandresy ny ratsy ka raha miaraka aminy isika dia handresy ny ratsy koa ka hiadam-pinaritra isika rehetra. Amen

Quelques mots en français

En ce dimanche de Pentecôte qui signifie 50 jours que nous avons célébré les Pâques, la victoire de Christ. Il est vainqueur ni pour écraser ni pour être dictateur mais une victoire qui signifie l'Esprit de Service. C'est « servir » qui doit être notre façon de vivre en tant que baptisé. Cela est possible grâce à l'Esprit Saint qui nous renouvelle, ainsi que notre cœur. En renouvelant notre cœur, cela renouvelle la famille qui est la société et la société c'est le pays. Justement le pays, la nation a besoin de cet Esprit de service puisque c'est l'égoïsme qui règne or il ne peut pas y avoir de vrai développement que dans le service.

La 1ère lecture (Acte 2,1-11) nous enseigne que tous les pays (asie, mesopotamie, egypte etc) ont attendu dans leur propre langue le message des apôtres car ils ont écouté par leur cœur grâce à l'Esprit Saint. Si nous nous laissons guidés par l'Esprit saint, nous attendons dans notre cœur le message du Christ et si nous laissons l'Esprit du monde qui nous guide, nous le savons, la conséquence est la division, la séparation, la violence et malheureusement nous sommes aujourd'hui confrontés à tous cela aussi bien dans la famille que dans la nation.

Implorons donc l'Esprit Saint, que ce jour soit une nouvelle Pentecôte, en premier lieu pour les consacrés qui doivent dans leur vie quotidienne manifester les fruits de l'Esprit saint c'est à dire la communion, l'amour, la paix et que ce soit aussi une nouvelle Pentecôte pour chacun de nous, de notre famille, de notre diocèse. Et qu'ainsi nous prendrons en main la destinée de notre diocèse et que chacun soit responsable conduit par l'Esprit Saint. Amen